



Nikarakara valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety ny APIMF (Association Professionnelle des Institutions de Microfinance), ny 9 septambra 2020, nanomezany ny zava-misy manoloan'ny aretina covid-19 entin'ilay. Famintinana.



**Mikrofinansa : mila arovana mba ho tombotsoan'ny sarabambem-bahoaka**

Manoloana ny fiatraikan'ny valan'aretina Covid-19 sy ireo fanehoan-kevitra samihafa niseho tao anatin'izao hamehana ara-pahasalamana izao, ireo rafitra mpandraharaha ara- bola madinika (na IMF) mivondrona ao anatin'ny APIMF dia mitondra fampahatsiahivana sy fanamarihana mahakasika ny antom-pisian'izy ireo, sy ny anjara birikiny amin'ny fampandrosoana eto amin'ny firenena.

Ao anatin'izao vanim-potoana sarotra izao, ny IMF dia mampatsiahy fa mbola mibahan-toerana eto amintsika ny « sehatra tsy ara-dalàna » izay ahitana hatrany amin'ny 2 000 000 mpiary ara-toekarena, raha toa ka 177 000 ihany ny isan'ireo orinasa mijoro ara-dalàna. Arak'izany dia tsy tokony hanamaivana ny lanjan'ireo sokajy tsy mbola ara-dalàna ireo isika raha tena hampandroso marina ny toe-karena. Hatreto dia tsy misy afa-tsy ny IMF no hany sahy misahana ireo sokajimpihariana ireo; izay amin'ny ankapobeny marefo ara-toe-bola sy mazàna tsy ampy fahaiza-manao.

Araka ny tatitry ny PNUD, *ny « sehatra tsy ara-dalàna » izay mampiasa olona sivy amin'ny folo sy mahasahana ny 24% fiharia-karena anatiny no tena ho voadona mafy ao anatin'izao fihibohana izao satria ireo mpisehatra ireo dia marefo, miasa anaty tontolo manahirana, ahitana faha-samihafana miharihary eo amin'ny fidiram-bola sy ny fiahiana ara-tsosialy.* Hatreto dia ny IMF ihany no miezaka misahana azy ireo raha ny tolotra ara-bola no resahina ary koa mitan-tsoroka azy ireny amin'ny hirosoany mankany amin'ny « sehatra ara-dalàna ».

Mikatsaka mandrakariva ny IMF mba hanakaiky ny sarambabem-bahoaka. Mirotsaka an-tsehatra hatrany ambanivohitra na dia toerana lavitra sy saro-dalana aza. Voasahana ao anatin'izany ny seha-pihariana fambolena sy fiompiana; izay maro no mbola tsy manara-drafitra ary miha- tandidomin-doza manoloana ny fiovaovan'ny toetr'andro. Tsindriana fa raha eo amin'ny lafiny fandraharahana ara-bola dia sehatra tsy dia marin-toerana izy ireo.

Izay fanakaikezana ny mponina izay dia manasarotra sy mampitombo ny masonkarena izay ateraky ny faharatsiana na ny tsy fisian'ny foto-drafitr'asa toy ny lalana, herinaratra ary ny tambazotram-pifandraisana…sns…. Raha bangoina dia tsy mora araky izay mety hieveran'ny maro azy ny fitantanana ny mikrofinansa. Tsy vitsy ireo izay niala an-daharana ary maro ny mpampiasa vola izay tsy sahy miditra amin'io sehatra io. Ao ihany koa ireo izay mihanona fotsiny amin'ny tontolo an-drenivohitra sy ny ara-dalàna izay tsy dia misy risika loatra.

Tsara marihina anefa fa ireo « IMF » dia efa manana traikefa am-polo taonany ny ankamaroany. Izany dia tokony homena lanja sy atao izay mba hivelarany hatrany mba ho tombotsoan'ny sarambabem-bahoaka.

Na dia eo aza izany tontolo feno fahasarotana izany dia tsy nitsahatra nivelatra ny ambaindain'ny IMF. Ankehitriny, mahatratra 1 500 000 eo ho eo ireo mpampiasa ny tolotra ara-bolan 'izy ireo. Miisa 670 ireo ivotoeram-pandraisana ireo mpanjifa mieli-patrana manerana ny nosy. Marihina fa ny 75% n'izy ireny dia mifototra eny amin'ny tontolo ambanivohitra avokoa.

www.madagate.org



Ankoatry ny tolotra ara-bola dia mitondra tantsoroka ihany koa ny IMF izay miompana amin'ny fanomezana toro-hevitra ho an'ireo mpandraharaha madinika amin'ny lafin'ny fitantanana sy ny fanabeazana ara-bola..sns…

Toy ny sehatra hafa ihany dia misedra fahasahiranana vokatry ny krizy ara-pahasalamana ny IMF. Ny fepetra izay noraisina teto amin'ny firenena nohon'ny hamehana dia niteraka fikorontanana teo amin'ny sehatry ny fihariana isan-tsokajiny ary nisy akony lehibe teo amin'ny toe- bolan'ny IMF. Nidina ny tahan'ny famerenam-bola, ireo faritra voakasiky ny fihibohana no tena voa mafy , amin'ny ankapobeny dia eo amin'ny 29% eo ny fampindramana manana olana,. Niakatra tsy toy ny mahazatra ny fisintonan'ireo mpametra-bola ireo tahiriny. Mahakasika ny fampindramam-bola dia 45% ny vinavina no tanteraka hatreto. Ireo rehetra ireo dia nisy fihatraikany goavana teo amin'ny toe-bolan'ny IMF. Manoloana izany dia manjavozavo ny hoavin' ny sehatra.

Vao nanomboka ny krizy dia tsy nitsahatra ny niantso ny fanohanan'ny fanjakana ny sehatra misy azy ireo ny IMF saingy tsy mbola nisy valiny izany. Hatreto dia manao izay ho afany samirery izy ireo mba ahafahany manohy manohana ireo mpanjifany araka izay azony atao avy. Marihina fa efa tafiditra eo amin'ny andavanandrom-piainan'ny mpanjifa ny fampiasana ny tolotra ara-bolan'ny IMF. Noho ny tsy fahampian'ny loharanom-bola anefa sy ny tsy mbola fiverenan'ny fiainana amin'ny laoniny dia nisy ireo izay voatery nampihena na nampihantona ny fampindramam-bola na nanidy ivotoerana sasantsasany.

Mba tsy hahavery momoka ireo ezaka efa natao ampolo taonany maro dia heverina fa tsy tokony ho tsinontsinoavina ny olana misy ankehitriny izay sanatrian'izany mety hisy fiantraikany ratsy eo amin'ny sehatry ny fandraharahana ara-bola amin'ny ankapobeny.

Koa manaitra ny mpitondra fanjakana sy ny manam-pahefana isan'ambaratongany ary ny mpiara-miombon'antoka ny IMF. Heveriny fa tsy afaka handeha amin'ny tena fiarenana sy fampandrosoana marina isika raha toa ka manao ankilabao seham-pihariana sasany, ary anisan'izany ny mikrofinansa. Ny famelana io sehatra io ho amin'ny fahasimbana dia hiantraika mivantana amin'ireo olona sy tokantrano ary orinasa an-tapitrisany efa mpampiasa ny tolotra ara-bola ny IMF.

Heverinay fa ny vahaolana vonjimaika dia ilaina tokoa kanefa kosa ny fampandrosoana maharitra sy mirindra dia mitaky fandraisana andraikitra matotra sy bebe kokoa.Tokony ho filamatra ny fiarovana ireo rafitra efa misy izay fototra nahatongavana amin'ny ambaindainy ankehitriny; izany no antoka amin'ny tena firosoana marina amin'ny **Fandraharahana ara-bola tsy manavaka** izay efa nametrahan'ny fanjakana paikady sy tanjona mazava.

Lot près IIA 119Bis Soavimbahoaka - 101 Antananarivo
Tél : 020 22 523 27 – Mob : 033 37 510 14
Email : apimf_mada@moov.mg
Site web : www.apimfmada.mg

www.madagate.org